# “Ho entina ny olona iray amin’ny andro farany ka hatsipy any amin’ny afo, ka hiborotsaka ny tsinainy, ka hihodina manodidina azy tahaka ny ampondra mihodidina vato fikosoham-bary

Tatitra azo avy tamin'i Osama bin Zaid (R.A) niteny izy: Nolazaina taminy hoe : Tsy mankany amin'i Othman va ianao ka miresaka aminy? Dia hoy izy : Hitanareo ve fa tsy miteny aminy aho raha tsy mampandre anareo? Mianiana amin'I Allah aho, fa efa noresahako azy ny momba ahy sy izy, afa tsy izay zavatra tsy mbola tsy nisy niresaka azy taminy, satria tsy tiako izaho no hiresaka voalohany momba izany, ary tsy hiteny zavatra amin'ny olona momba ny mpitondra ahy aho : Izy dia olona mendrika indrindra taorian'ny nandrenesako an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : “Ho entina ny olona iray amin’ny andro farany ka hatsipy any amin’ny afo, ka hiborotsaka ny tsinainy, ka hihodina manodidina azy tahaka ny ampondra mihodidina vato fikosoham-bary, ka hivory eo aminy ireo olon'ny afobe, ary hoy izy ireo: Ry ranona, inona no manjo anao? Moave tsy ianao no namporisika tamin'ny fanaovan-tsoa sy nandrara tamin'ny fanaovana ratsy? Dia hoy izy : Eny, naniraka amin'ny tsara aho fa tsy nanao izany, ary nandrara amin'ny ratsy nefa nanao izany".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nolazaina tamin'i Osama bin Zaid hoe : “Maninona raha mandeha any amin'i Othman bin Affan (R.A) ianao, mba hiresaka aminy momba ny ady nitranga teo amin'ny vahoaka sy miezaka mandravona izany. Ka dia nampahafantariny azy ireo fa niresaka taminy mangingina izy mba hitadiavana tombontsoa, fa tsy hanakorontana, ary nasehony azy fa tsy te hanameloka an-karihary imasom-bahoaka ny mpitondra ny tenany, ka ho lasa antony tsy hanajan'ny olona ny Khalifa, ary izany dia varavarana ho amin'ny korontana sy haratsiana, ary tsy izaho no voalohany hanokatra azy. Aorian'izany dia niteny i Osama manao hoe : Manoro hevitra ny mpitondra amin'ny mangingina izy ary tsy mandoka olona, na dia mpitondra aza, ary tsy mandrobo azy ireo amin'ny amin'ny lainga, ary izany dia rehefa nandre avy amin’ny Mpaminany (S.A.W) fa hisy lehilahy iray ho entina amin’ny andro farany ary hatsipy ao anaty afo, ary hivoaka avy ao an-kibony ny tsinainy noho ny herin'ny hafanana sy ny hamafisan'ny sazy, ary hanodikodinany ny tsinainy amin’izany toe-javatra izany ao amin’ny Afo toy ny apondra mihodina manodidina ny vato fikosoham-bary, ary ny olon’ny afo dia hivory manodidina azy amin’ny endrika boribory, ary izy ireo dia hanontany azy hoe : Ry ranona, moa tsy ianao ilay naniraka amin'ny fanaovana tsara sy nandrara ny ratsy? Hoy izy : Izaho dia naniraka tamin'ny fanaovana ny tsara fa tsy nanao izany, ary nandrara ny ratsy nefa nanao izany.